HIASA HO ANAO AHO

# H O AN'N Y H O A V I N A O

TONGAVA MIFIDY **25**

" **MPANANGANA** FA TSY MPANDRAVA **ISIKA** "





# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 20 oktobra 2018 Laharana 829 Vidiny : **400 Ar**


**Jaona 1: 31** 5

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 14 oktobra 2018**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Propagandin'i Dada N°25** 3

# Fantaro ny fahombiazany tamin'ity herinandro ity




**Neny Ravalomanana** 2

## Dada N°25 izay tantsaha ihany no afaka hamaha ny olan'ny tantsaha



**Fikambanana Samaritana** 2

## Mampandany ny kandidà Marc Ravalomanana N°25



**Mpomba an'i Dada N°25** 2

## Hirodorodo ho eny Ambijatovo anio sabotsy



**Rivo-doza** 6

Ny volana novambra no hanomboka ny vanim-potoanany

**Ibity Antsirabe II** 2

Nilaozan'ny olona ilay ben'ny tanàna TIM nivadika Mapar

**Daka kely**

Boaikely mbola tsy mikatona loha malemy marina ialahy ry zandry.

NENY RAVALOMANANA

# Dada N°25 izay tantsaha ihany no afaka hamaha ny olan'ny tantsaha



Amin'ny maha tantsaha ny kandida N°25 Marc Ravalomanana dia nitsidika ireo mpivarotra ao amin'ny tsenan'ny tantsaha manamorona ny tsenan'Andravohangy iny, i Neny Lalao Ravalomanana omaly vao maraina. Nanotrona azy teny an-toerana ny solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny boriborintany faha 3, Mamy Rajohnson sy ireo avy amin'ny antoko TIM sy ny KMMR teny an-toerana. Nanambara ireo tantsaha tamin'izany fa mila miverina mitondra ny firenena i Dada, satria izy no nahavaha ny olana nianjady tamin'ny tantsaha hoy izy ireo ary nitsinjo ny tantsaha tamin'izy teo amin'ny fitondràna. Mila tohizana izany hoy ireto farany tamin'izany. Nanamafy Neny Lalao Ravalomanana, fa ny fifidianana ny nomerao 25, Dada Ravalomanana, amin'ny 7 novambra no hampiverina amin'ny laoniny indray ny fiainan'ny tantsaha sy ny fiainan'ny Malagasy amin'ny ankapobeny mihitsy hoy izy. Ankoatra izany, Malagasy sahy sy vonona, isan'ny hafatr'i Neny Ravalomanana io nandritra ny fihaonany tamin'ny vahoaka tao amin'ny Boriboritany faha -3 eto Antananarivo Renivohiutra teny Antanimena- Ankorondrano omaly antoandro. Nentaniny ihany koa ny vahoaka mba tsy hitsahatra ny hivavaka satria ny vavaka tokoa no manova zavatra. Tiantsika i Madagasikara handroso sy hilamina ny vahoaka ao aminy hoy hatrany izy, ka izay no ilana ny vavaka. Tsy nohadinoiny ihany koa ny nanentana ny vahoaka hifidy sy handrotsaka ny vato laharana faha-25, izay tena hitondra ny fampandrosoana ho an'ny firenena, fa tsy kobaka am-bava toy ny an'ny sasany.

***Helisoa***

Fikambanana Samaritana

# Manohana sy mampandany ny kandidà Marc Ravalomanana N°25

Manohana tsy misy fepetra ary mapandany ny kandidà Marc Ravalomanana N°25 ny fikambanana Samaritana, na « Sahy- Marina- Tia- Tanindrazana Azo Itokiana Nahavita ». Nampahafantarina ny mpanao gazety omaly antoandro io tao amin'ny QG ny KMMR tetsy Bel'Air Ampandrana ny fijoroan'ny fikambanana sy ny fanohanany ny laharana faha- 25 dia ny kandida Marc Ravalomanana. Vondron'olom-pirenena izy ireo ary efa miparitaka manerana ny Nosy. Mpiara-mitantana azy pasitera Randriamisata Roger, Maitre Eloi Ratefimahefa Mijoro ary Tahiana Razafinjoelina. Fiaraha-mientan'ny olompirenena no mandrisika ireo mpikambana hanao ny fanohanana ny kandida faha 25, tsy mifanitsaka, fa mifameno amin'ny antoko TIM sy ny KMMR ny asa hataon'izy ireo amin'izany ary tsy misy tambiny, na vola na koa toerana ny fanaovany izany fampandresena an'i Dada izany. Misy azy avokoa ny faritra 22 eto Madagasikara.



*Ireo lohandohan'ny mpisorona amin'ny fikambanana Samaritana.*

***Helisoa***

KMMR Ivato

# Nanao carnaval rodobe ho fampandresena an'i Dada N°25



*Ny hetsika nataon'ny KMMR Ivato.*

Nanao hetsika lehibe, carnaval rodobe ho fampandresena ny filoha Marc Ravalomanana N°25 ny alarobia teo ny KMMR, na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana eny Ivato sy ny manodidina. Nianga tao amin'ny QG ny KMMR Ivato izany ary nitety ireo faritra 7 ao amin'ity kaominina ity sy ny manodidina. Nanakoako nandritra ny hetsika ny hoe : lasa zao numéro 25, alefa Dada fa izahay tsy miala a! Nandritra izany ihany koa no nizaran'izy ireo ny dina hifanaovan'i Dada amin'ny vahoaka na ilay antsoina hoe Manifesto, fanamby apetrany tsy maintsy ho tanterahany raha vao tonga eo amin' ny fitondrana izy.

***Isambilo***

Ibity Antsirabe II

# Nilaozan'ny olona ilay ben'ny tanàna TIM nivadika Mapar

Mbola namory vahoaka tamin'ny alalan'ny vondron'antoko MAPAR ihany ilay ben'ny tanàna lany tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tao amin'ny Kaominina Ibity Antsirabe II, tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity. Tsena ny andro ka dia vory lanona ny vahoaka nanatrika izany. Nozaraina tee-shirt daholo ireo vahoaka. Nanomboka ny fandraisam-pitenenana ary efa nanomboka nimenomenona ny vahoaka hoe mpamadika ilay ben'ny tanànantsika. Tampoka teo anefa dia tonga ny mpanao propagandy ny Tiako i Madagasikara, izay notarihan'i depiote José Randrianantenaina. Horakoraka sy hafaliana ny an'ny vahoaka namonjy an-dry depiote José. Noesorin'ny vahoaka daholo ilay akanjo nylon sady natsipin'izy ireo tany amin'ingahy ben'ny tanàna mpamadika. Ary dia niala teo amin'ity depiote mpamadika ity ireo vahoaka. Horakoram-pifaliana no nifankahitan'ny vahoakan'Ibity sy ny tompon' andraikitry ny TIM. Nankasitraka ny vahoaka hendry ao Ibity sy nisaotra manokana an'i depiote José nandray andraikitra ny tany an-toerana noho izay zava-nitranga izay.

***Isambilo***

**Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11,505 44 ; 033 24 783 65**

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Tolo-kevitra atolotra ny N°25

### Ny 25 dia fitambaran'ny tarehimarika 2 sy 5

Tonga ao an-tsaina avy hatrany ny voasoratra ao amin'ny Matio14:17 sy Lioka 9:13 izay miresaka momba ny hazandrano 2 sy mofo 5, izay ampy mizara ho an'ny vahoaka. Tsy tongatonga ho azy fa avy amin'Andriamanitra ny fahazoana ny laharana 25, noho izany dia tokony ho trandrahina izany ahatontosa ny sitrapon' Andriamanitra. Misy eto amin'ny firenentsika ny hazandrano 2 sy mofo 5 ampy ho zaraina ho an'ny vahoaka Malagasy, saingy mila mpitondra manam-pinoana sy mahay mitsinjara amim-pahamarinana izany. Ny Filoha Marc Ravalomanana laharana faha-25 no mendrika sy manana adidy hizara ireo harena ireo dia ny hazandrano 2 sy mofo 5. Ny hazandrano 2:

1.Ny harena an-dranomasina: trondro, sira, vatosoa samihafa, azo ivezivezena.

2.Ny harena an-dranomamy: trondro, rano fisotro sy fidiovana, manondraka ny tany.

Ireo mofo 5:

1.Ny teny Malagasy, azo ivelomana satria nahafahana nandika ny baiboly, no sady teny ifandraisan'ny samy Malagasy.

2.Ny fomba amam-panao sy ny kolontsaina Malagasy izay mifototra amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra sy ny fihavanana ary ny fifanajana.

3.Ireo harena ambonin'ny tany toy ny zava-maniry sy biby isankarazany.

4.Ireo harena ambanin'ny tany toy ny volamena, vatosoa, solika, sns…

5.Ny fahadimy farany dia ny toetrandro toy ny rivotra, masoandro, orana, harena mahavelona ireo raha voafehy.

Ireo voalaza ireo no hazandrano 2 sy mofo 5 ampy ho antsika Malagasy, mila mpitondra manam-pinoana toa an'ny Filoha Marc Ravalomanana, hizara ireo amin'ny Malagasy.

Ny voalaza ao amin'ny baiboly aza dia mbola nisy ambiny rehefa tapi-nihinana ireo vahoaka marobe, izay hadika hoe mbola misy ny ambimbava azo aondrana any ivelany.

Eto am-pamaranana dia tsotra ny hafatra ampitaina, sitrak'Andiamanitra ny nahazoana ny laharana 25 ka dia tanterahina ny sitrapony amin'ny alalan'ny fifidianana ny laharana25. Sa ahoana hoy ianao?

***Ny Valosoa***

Mpomba an'i Dada N°25

# Hirodorodo ho eny Ambijatovo anio sabotsy

Isaky ny sabotsy dia miara-mientana ny mpomba ny kandida Marc Ravalomanana N°25 eto Antananarivo renivohitra sy ny manodidina, maneho ny heriny eny Ambohijatovo, hampiseho ho fantatr' izao tontolo izao fa i Dada ihany no afaka hanavotra ny firenena latsaka an-katerena nandritra ny 9 taona. Ny maraina araka ny fandaharam-potoana dia carnaval lehibe no hatao miainga eny amin'ny boriborintany 6 ; ny tolakandro kosa dia hifamotoana eo amin'ny kianjan'Ambohijatovo ny mpomba ny kandida N°25. Koa manentana ny rehetra ny mpikarakara mba ho tonga maro hanatevin-daharana ny hetsika. Ny sabotsy lasa teo dia efa tena hipoka tsy antonona ny mpomba an'i Dada ny kianjan'ny demokrasia Ambohijatovo, ka anio dia mbola ho avo roa heny, na avo telo heny noho ny tamin'ny herinandro lasa teo iny no ho tonga ao amin'ny kianjan'ny demokrasia Ambohijatovo.

***Helisoa***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Rajo R**

Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy tokony hianona fotsiny amin'izao hidirana handray anjara amin'ny CAN izao isika

Samy miara-paly avokoa ny vahoaka Malagasy rehetra niatrika ny fandresen'ny ekipam-pirenena Malagasy, ny Barea, teny Vontovorona ny Talata lasa teo ary hiditra amin'ny lalao lehibe, dingan'ny famaranana amin'ny fiadiana ny tompon-dakan'i Afrika na ny CAN 2019 hatao any Cameroun. Sambany eo amin'ny tantaran'ny ekipam-pirenena malagasy izany ary izay indrindra no miteraka ny hafalian'ny besinimaro indrindra ireo mpankafy baolina kitra. Aoka tsy ho diso hevitra velively ny rehetra ka hilaza, fa noho ny maha tomponandraikitra an'Ingahy Ahmad mitantana ny CAF no nahatonga izany. Tsia, aoka ialàna lavitra izany hevitra izany, fa niaraha-nahita ihany ny fitontonganan'ny taranja baolina kitra teto amintsika nandritra ny taona maro ary lasa nankaleo sy nampihemotra ny fitiavan'ny vahoaka ity taranja iray nankafiziny ity. Niaraha-nahita fa tsy nisy ezaka nataony velively na kely aza nampivoatra izany taranja baolina kitra izany, tsy noraharahiany ny teny ifotony teny anivon'ny fokontany rehetra. Raha tsorina, tsy nanisy fampivoarana ny taranja baolina kitra teto Madagasikara ingahy Ahmad. Ankehitriny, miha- miainga izany taranja izany ary miha- velom-panantenana indray ny rehetra ary miha- manomboka miverina ny fankifizana azy na dia tsy mbola miainga tsara aza. Miezaka ireo, « katita kely », efa tena tsara tantana miaraka amin'ny mpanazatra azy. Tohizo ny ezaka ry zalahy fa tsara. Tsy tokony ho faly vonona ihany anefa ny eo anivon'ny federasiona, fa mila mijery lavitra. Mila mijery tsara, inona no nahatonga ny tsy fahombiazana hatramin'izay sy mahatonga ny mampety kely azy ankehitriny. Misy fomba fiasa ratsy izany hatramin'izay, fa ireo mpilalao ireo efa teo foana hatramin'izay. Tsy tokony ho hadinoina velively fa be ireo zatovo Malagasy no mahay milalao io baolina kitra io, kanefa tsy hita ny ankamaroan'izy ireo. Maro ny tanora mahay an'io, fa tsy voatery ireo lasa any ivelany ihany. Tokony ho voajery izany, fa tsy natao hatramin'izay ary nanaovana kinamanamana, fantatra izany. Fomba fiasa iray lehibe andrasana sy takiana amin'ireo tomponandraikitra araka izany, amin'izao fotoana izao, ny hampihàtra fomba fiasa vaovao mihitsy hanamafisana sy hanohizana ny dian'ireto efa mampisandratra ny baolina kitra Malagasy ireto, fa tsy hianona fotsiny amin'ny fandresena ankehitriny. Tokony hanana ny toerany eo amin'ny sehatra afrikana farafahakeliny ny mpilalao sy ny taranja baolina kitra Malagasy.

***Radafy***

PROPAGANDIN'I DADA N°25

## Fantaro ny fahombiazany tamin'ity herinandro ity

Fahombiazana tanteraka ny propagandy na fampielezan-kevitra nataon'i Dada, na ny kandidà Marc Ravalomanana N°25 tamin'ity herinandro ity. Hipoka olona avokoa ny fihaonana tamin'ny vahoaka izay nataony tamin'ireo faritra maro nolalovany, na tamina fokontany io, na tamina kaominina, na tamina renivohitra distrika. Faritra 7 no voatsidik'i Dada tamin'ity herinandro ity dia ny faritra Anôsy, ny faritra Androy, Atsimo Andrefana, Ihorombe, Atsimo Atsinanana, Vatovavy Fitovinany, ary Matsiatra Ambony. Tamin'ireo faritra 7 nolalovany ireo dia voatsidiny hatramina fokontany madinika mihitsy. Omaly dia isan'ny voatsidiny Alakamisy Ambohimaha, Alakamisy Iteninа. Nihaona taminy ary resy lahatra amin'ny programan'asany Ifanadiana, Vondrozo, Midongy Atsimo, Sahasinaka, Fotadrevo, sy ny maro hafa,… izay toerana anisan'ny lavitra andriany eto Madagasikara. Tanàna 8 eo isan'andro no voatsidik'i Dada, arak' izany efa ho toerana miisa 60 eo ireo vahoaka ao aminy no nihaona tamin'ny kandidà Marc Ravalomanana, izay tena kandidam-bahoaka tokoa. Nisongadina tamin'ireo toerana rehetra nolalovany fa mangetaheta fiainana milamina ny Malagasy rehetra. Dada ihany no vahaolana amin'izany hoy izy koa fidio ny nomerao 25 ny 7 novambra izao. Ankoatra ny fihaonana mivantana tamin'ny mponina, tao Ihosy, nitafa tamin'ny mpanao gazety ny kandidà Marc Ravalomanana, ka navoitrany tamin'izany fa mila fivoarana sy mangetaheta fiainana milamina ny Malagasy. Toerana 216 no nalehany teto an-toerana ary tany Etazonia, sy Erôpa ary Azia izy, nanampy izany ny firesahana amin'ny nahafahana nandrafitra ny "Manifesto" na fanomezan-toky ataony amin'ny Malagasy. Naverimberina tamin'ireo tanàna nandalovany fa ady ny fifidianana kanefa manana tropy kinga sy matanjaka ny kapiteny, mpitari-tafika Marc Ravalomanana ary manana paikady ihany koa, ka «entano ny olona hifidy », hoy izy, ka « hatao izay hampandaniana an'i Dada ». Nandritra izany ihany koa no nampahafantarany ny mponina ilay «Fanomezan-toky » izay paikady hoentina hampandrosoana an'i Madagasikara no nataony. « Manantena aho, hoy ny kandidà Marc Ravalomanana, tao Farafangana fa ho 80% ny vato homenareo ahy". Nampanantena ihany koa izy fa hanangana orinasa hanodinana ny vokatra satria tany mamokatra i Farafangana ary hitady lalam-barotra hanondranana izany. Ny mponina tao Lokomby kosa dia nangataka ny hanaovana an'i Lokomby ho Distrika. Ho hita eo izany, hoy izy, fa hiverina aty aho dia hampahatsiahy aminareo hoe : "ity ilay nifanarahantsika".

***Isambilo***

KMMR Toamasina

## Nahavory olona maro tamin'ny hetsika nataony

Nanao hetsika fampielezan-kevitra tao amin'ny Magro Tanambao V Toamasina ny alarobia lasa teo ny KMMR, na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana any Toamasina. Nahazo olona maro tokoa izy ireo nandritra izany, tao ny tanora, tao ny vatombatony, tao ny zokiolona niatrika izao fampielezan-kevitry ny KMMR Toamasina izao ho fampandresena ny kandidà N°25, Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana filohampirenena ny 7 novambra ho avy izao. Nanakoako nandritra izany ny hiaka hoe: lasa izao miaraka amin'ny nomerao 25. Nialoha ny fihaonana tao amin'ny Magro Tanambao V, nisy ny filaharambe na carnaval nataon'ny avy amin'ny KMMR sy ny mpanaradia an'i Dada ao Toamasina. Tamin'ny lahateny nifandimbiasan'ireo mpitarika no nanambaran' izy ireo fa raha izao zavamisy amin'ny fampielezan-kevitra izao dia 1er tour io dia ho vitan'i Dada amin'ny 7 novambra.



*Ny hetsiky ny KMMR tao amin'ny Magro Tanambao V Toamasina.*

***Isambilo***

## NY TENY FIAINANA

***Ohabolana 8:35***

*Fa izay mahita ahy dia mahita fiainana sady mahazo sitraka amin'i Jehovah.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Miha-mazava ny raharaha, ho 1er tour io dia ho vitan'i Dada N°25



**Arp Helisoa :** Iasanao daholo ireo mpamadika palitao sy mpanao politika tsy manana fotokevitra tokana, mpanao politika tsy mahazaka olona. Dia faly ery ianao sy ny mpiaradia aminao fa hoe ianao no tena favori. Ho tapaka lalandrà eo ianao Rajoelina mpanongam-panjakana amin'ny 7 novambra a!

**Rijason Olivier Robson :** ry Rajoelina ireny no atao hoe sans qualités, mbola mitoetra aminy izany hatramin'izao satria mpanongam-panjakana, mpanimba firenena.

**Onisoa Britanny :** sady tsy tia fandrosoana, tia tena sady tsy tia vahoaka mihintsy. Mieboebo tia voninahitra tia fety sy vehivavy fotsiny, tsy vitan'ny spectacle izay ataony etsy sy eroa ny raharaham-pirenena.

**Andry Marodera :** ireo olona nahazo tombontsoa tamin'ny fanonganampanjakana tamin'ny 2009 no betsaka tamin'ireo e! hita miavaka tsara izao ny tena vary sy ny tsiparifary, olona tena resy lahatra no mpifidy an'i Dada, miha-mazava fa ho 1er tour io dia ho vitan'i Dada.

**Sylviane Rasolondraibe :** miha-lasa hatrany tokoa i Dada N°25, ho 1er tour marina io dia ho vitany.

**Emilienne Raharinirina :** ireo olona ireo dia ny tombontsoa foana no katsahany, noho izany dia tsy menatra ry zareo mamadibadika palitao lava zao. Noho izany dia fanjakan'ny kolikoly sy risoriso no misy @izay haleha rehetra ka mahaiza isika mifidy sao hanenina raha ry Rajoelina sy ny forongony no sanatriavina no hiverina, sanatria anie izany.

**Fanjanirina Fanantenantsoa :** nosimbain-dRajoelina sy Rajaonarimampianina mihitsy ny firenena tato anatin'ny 9 taona izay.

TONONKALO

## Ny manga sy volomboasary

Aza mety ho sodokan'ny manga
Na ho babon'ny volomboasary,
Fa mitovy ihany ilay lavasanga
Sy 'lay mievotra raha mikabary.

Ny an'ny iray hevi-jaza-mareroka
Ny an'ny iray hevitr'olo-mavandy,
Ka jereo f'efa mifampitoroka
Ao anaty propagandy.

Raha hampiesona dia samy sangany.
(Be kabary fa tsy misy ventiny!)
Sary fitaka ireo loko mangany
Sy ny volomboasary mirentiny.

… Tsisy angamba ny hoe lavorary
Nefa kosa efa hita mazava
Fa ny manga sy volomboasary
Dia sokajim-boalavo mpandrava !

***DADAN'I ZINA (19-10-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny kandida N°25, Marc Ravalomanana tany Alakamisin'Ambohimarina.







Neny Lalao Ravalomanana nampahafantatra ny kandida N°25, teny Andravoahangy, Atsimondrano ary Antanimenabe.
















## Jaona 1: 31

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 14 oktobra 2018

***Jaona 1: 31 Ary izaho tsy nahalala Azy; fa mba haseho amin'ny Isiraely Izy, izany no nihaviako manao batisa amin'ny rano.***

Tamin'ny fotoana izay nanambarana tamin'i JAONA fa misy anankiray eo alohany dia JESOSY izany. I JAONA tsy mbola nahita AZY na dia nampahafantarina azy mialoha aza IZY. Tamin'ny fotoana nanaovana Batisan'ny Rano an'i JESOSY vao fantany IZY, ***Jaona 1: 32-34***. Natao Batisan'ny Rano i JESOSY, ***Matio 3: 13-17***. I Jaona koa natao Batisan'ny Rano tao Jordana. 3 andro nambenan'ny anjely, nalevina tao izy. **Ianareo koa tsy maintsy atao Batisan'ny Rano na tianareo na tsy tianareo, famonjena anareo izany**. Ny lalan'i JESOSY ihany no lalanareo, izay ataony no ataonareo, izay itoerany no itoeranareo. Maty IZY dia maty koa ianareo, velona IZY dia velona koa ianareo, nalevina IZY dia halevina koa ianareo, nitsangana IZY dia hatsangana koa ianareo ary IZY manomana toerana hiarahany mitoetra aminareo mandrakizay. Raha azonareo tsara ireo dingana 2 teo aloha dia hatao Batisan'ny Rano ianareo, raha te ho vonjena. Alohan'ny zavatra rehetra dia ianao ihany no tiako hamaly izao fanontaniako izao : ***mahay mibebaka sy miala amin'ny fahotany ve ny zaza fa hatao Batisa izy? Manota va ny zaza ka havela ny helony? Fantany ve ny fanontaniana apetraka aminy, azony tsara ve ny fampianarana atao azy sy ny hevitry ny Batisa handrosoany raha mbola zaza 3, 6, 8 volana, herintaona sy ny sisa***? Ny Tiako JEHOVAH hambara dia izao : ***ny zaza hoy AHO dia tsofina rano, ho raisin'i JESOSY an-tanana ny fiainany***. ***Manolo-tsaina anareo AHO , raha vao feno 12 taona toa an'i JESOSY sy JAONA n'iza n'iza aoka samy hiroso amin'ny Batisa avokoa***. Efa matotra izany taona izany, afaka miaiky fahotana, mandray fampianarana, mibebaka, mifona, afaka manompo sy manaraka an'i JESOSY. Araha-maso tsara mba ho tonga ao amin'ny tanjona takiana. Adidin'ny ray aman-dreny sy ny Fiangonana izany ka aoka tsy hisy ho variana. Miankina amin'izany ny FAMONJENA sy ny FIAFARANA ho anareo zanak'olombelona, Marka 16: 16. Izay mino sy atao Batisa no ho vonjena fa izay tsy mety mino no ho helohina. Iza no inoana? JESOSY sy ny momba AZY rehetra : ny fahatongavany an-tany sy ny antony, ny asa rehetra nataony tamin'ny fahavelomany, ny hafatra napetrany, ny fampanantenana sy ny toky nolazainy, ny fampianarany, ny fihaviany indray sy ny Fanjakany, ny anton'ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny toerana nomaniny ho anareo. Ireo rehetra ireo dia misy dikany avokoa. 12 taona va ianao? Aoka hahalala fahamarinana, aoka hiroso amin'ireo dingan'ny Batisa ireo ary izay tsy mino ireo voasoratra ireo kosa dia ho helohina any amin'ny helo, indrindra fa tsy manaiky sy tsy mino fa Mpanjaka JESOSY sady fiafaran'ny fiainana. Rehefa ampahafantarina anao JESOSY dia miaiky fahotana ianao mba havelany ny helokao ary amindrany fo ianao ka atao Batisan'ny Rano. Tsy hain'ny zaza izany fa ianao afaka mandinika, mandray sy misaina izany. Anjara asan'i JAONA ny Batisan'ny Rano, ***Matio 3: 11***, izaho dia manao Batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana. ***Renirano toa an'i Jordana, tsy voatery ho i Jordana ihany anefa fa izany no mahamaro ny renirano ambonin'ny tany mba hanaovana Batisan'ny Rano n'aiza n'aiza misy olombelona***, ***Jaona 3 : 3***. Nolazainy ny anjara asany dia nolazainy tamin'ny olona koa ny an'i JESOSY, ***Jaona 3: 16***. Inona marina ary ity Batisan'ny Rano ity??? Sokafy tsara ny fanahinao ary atolory an'i JESOSY ny fonao sy ny momba anao rehetra fa tena antoky ny mandrakizainao ka aza atao kitoatoa, ***Romana 6: 1-7*** "*Inona ary no holazaintsika? Mbola hitoetra amin'ny ota ihany va isika hitomboan'ny fahasoavana? Sanatria izany! Hataontsika izay efa maty ny amin'ny ota ahoana no ho velona aminy ihany? Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin'ny fahafatesany?Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao.Fa raha nampiraisina taminy tamin'ny endriky ny fahafatesany isika, dia ho tahaka izany koa amin'ny fitsanganany; fa fantatsika fa ny toetsika taloha dia niaraka nohomboana taminy hanimbana ny tenan'ny ota, mba tsy hanompoantsika ny ota intsony. Fa izay efa maty dia afaka amin'ny ota.*" Raha ampianarina anao tsara ary ny momba an'i JESOSY fa FAMONJENA anao IZY dia tsy handray fanapahan-kevitra va ianao ny amin'izany? Mbola hanota ihany? TSIA! TSIA! TSIA! Sanatria izany. Tsy mivelona na miaina na mitoetra amin'ny ota intsony ianareo rehefa mahalala ny fahamarinana, andininy 3 : satria maty JESOSY dia maty koa ianareo, mitovy amin'ny fahafatesany no anaovana Batisan'ny Rano anareo. Ny Batisan'ny rano no fandevenana anareo saingy ao anaty rano kosa. Ny rano dia tandindon'ny fasana, ary tsy maintsy rano mandeha fa tsy rano miangona. Ny rano mantsy dia fanadiovana ary dia ny ota no alevina ao kanefa tsy mijanona ao fa lasan'ny rano. Asan'ny Fanahy izany fa tsy hainao fantarina, andininy 4 : ny hevitry ny hoe : Fananganana, ianareo koa dia atsangana amin'ny maty toa an'i JESOSY. Rehefa atao Batisan'ny Rano ianareo satria efa vita ny fibebahana ka nahazo famelan-keloka avy AMINY dia izao : arotsaka anaty rano ianareo amin'ny alalan'ny mpanompoko ary dia toy ireny efa maty ireny ianareo, mitsotra ao anaty rano segondra vitsy, toy ny efa maty. Maty ny ota no dikany, ary dia indro fa atsangana indray. Tahaka ny nananganana an'i JESOSY tamin'ny maty fa ianareo kosa atsangana avy ao anaty rano hivelona sy handeha amin'ny fiainana vaovao eo amin'ny tany : fiainam-baovao, ***Romana 6: 4.***

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NENY LALAO RAVALOMANANA

# Nanao fampielezan-kevitra fampandresena an'i Dada tao Atsimondrano



Nitohy ny alakamisy teo ny fampielezan-kevitra hampandresena ny kandida Marc Ravalomanana nomerao 25, ka kaominina sy fokontany maromaro teny amin'ny distrikan' Antananarivo Atsimondrano no notsidihany tamin'izany ny alakamisy teo dia Ambohimangidy, Ampitatafika, Fenoarivo, Alakamisy, Vontovorona, ary Ambohijafy. Nanotrona azy tamin'ireo toerana nolalovany ny depiote voafidy tao Atsimondrano Voahangy Raharimananarivo, ireo ben' ny tanàna eny an-toerana ary ny talen'ny fampielezan-kevitra Analamanga, ny kolonely Faustin Andriambahoaka. Ny depiote Voahangy Raharimananarivo raha nandray fitenenana dia nanazava izy mikasika ny laharampahamehan'ny kandida N°25 izay nofintinina ao amin'ilay Manifesto, misy dina sy famamby ary fanomezantoky ho an'ny vahoaka Malagasy miisa 10. Ny ben'ny tanàna nandray fitenenana rehetra kosa dia nanamafy hatrany fa Dada N°25 ihany no vahaolana tokana hampandroso ny firenena, indrindra ny eny ifotony. Ny tompon'ny tetik'asa dia tsy misy hafa-tsy ny filoha Marc Ravalomanana ihany , na amin'ny fanamboaran-dalana io na fanabeazana ho an' ny rehetra. Neny Lalao Ravalomanana indray nanazava ny tsara ho fantatra mikasika ny fampiasàna ny bileta tokana mba tsy hanao fahadisoana isika amin'ny fifidianana ny 7 novambra ho avy izao . Lazao ny mpiray vodirindrina ary aza diso fifidy fa tokana ny safidy dia tsy misy hafa-tsy ny kandida N°25 ihany izay tsy mba nanao kobaka am-bava , fa ny azy tonga dia asa avy hatrany. Rehefa tonga i Dada hoy ny depiote Voahangy dia hiverina daholo indray ny fitaovana samy hafa maimaimpoana ho an'ny mpianatra : kit scolaire, aron'akanjo na tablier, ny cantine scolaire na fisakafoanana an-tsekoly. Mampiavaka an'i Dada ny fanamboarana fotodrafitrasa hoy ny ben'ny tanànan'Ampitatafika Atsimondrano, Rado Ramparaoelina, ka anisan' izany ny lalana.

***Isambilo***

## Lapan'ny tanàna Analakely

# Nankalazaina tao ny andro iraisam-pirenena anoherana ny fahantrana lalina



***Ny talen'ny kabinetran'ny Kaominina Antananarivo renivohitra tetsy amin'ny Parvis Analakely.***

Nankalazaina ny alarobia sy ny alakamisy teo nanoloana ny Lapan'ny Tanà-na Analakely ny faha-70 taonan'ny fanambarana maneran-tany ny zon'olombelona sy ny andro iraisam-pirenena anoherana ny fahantrana lalina. Ny lohahevitra tamin'ity taona ity dia : « Tongava maro hanohitra ny fanilikilihana, hivondrona hanorina tontolo hanajàna ny hasina maha-olona ». Tonga nanome voninahitra ny lanonana teny an-toerana ny solontenan' ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Ramatoa Talen'ny Kabinetra, Rakotozafy Ramasy Hary Soa, sy ny Delegen'ny ATD Quart Monde, izay anisan'ny mpikarakara ny hetsika, ary ireo fikambanana maro samy hafa izay miaro ny zon'olombelona. Tamin'ny fomba maro no nentina nankalazana ireo andro roa ireo toy : ny fandraisam-pitenenana maro, fizarana traikefa mahakasika ny lohahevitra, fampirantiana tranoevan'ireo fikambanana maro samy hafa miaro ny Zon'olombelona. Nanambara ny Talen'ny Kabinetran'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Rakotozafy Ramasy Hary Soa, fa fahavalo iraisana ny fahantrana ka tokony samy handray ny andraikiny ny tsirairay mba ho entina hamongorana izany.

***Aly***

## Sambava

# Lavanila mitentina 8 600 000 Ar voasoloky

Iray volana taty aoriana, voasambotra ny jiolahy iray afak'omaly, jiolahy anisan'ny nandroba tranon'olona nirongo fiadiana mahery vaika, ka nandrahona sy nandrava lavanila masaka milanja 32 kg Tany Sambava. Lelavola 16 tapitrisa Ar an'ny tompon-trano no lasa tamin'izay, efa tratra ny iray tamin'ireo 5 lahy nanao ny fanafihana, ary izao tratra tamin'ny afak' omaly izao indray ny faharoa, raha mbola nihaodihaody teny amin'ny manodidina. Jiolahy roa izany hatreto no efa voasambotra, tamin'ireo dimy lahy nahavita ny fandrobana. Marihina fa ao anatin'ny fotoanan'ny fandraharahana lavanila tanteraka ny any amin' iny Renivohitry ny lavanila iny dia i Sambava sy ny faritra Sava. Ankoatra izany dia lavanila mitentina 8 600 000 Ar no voasoloky, tany an-tanànan' ny mpamboly raha hivarotra izany ity farany, nentin'ilay Ramatoa mpanelanelana na irony Kobailava irony nitsoaka ny vokatra, ka nangasihasy teo ilay tompon'entana, teto an-tampon-tanànan' i Sambava hatramin'izao. Efa eo am-pelatanan'ny tompon'andraikitra amin'ny filaminana ny raharaha amin'ny fikarohana ity Ramatoa mpisoloky ity ankehitriny.

***Serge***

TRANGA MAMPALAHELO

## Tovovavy maty irery tao an-tranony

Nitrangana faty olona indray tao amin'ny fokontany Mahazoarivo Antsirabe. Tovovavy mbola mpianatra vao 20 taona monja, izay mipetra-drery tao Mahazoarivo-Antsirabe mantsy no maty irery tao an-tranony. Tsy fantatra mazava ny antony fa raha ny tombatombanan'ny mpitsabo avy eo anivon'ny BMH dia mety ho vokatry ny fahasemporana no nitarika ny fahafatesany saingy na izany aza dia mbola mila fitiliana lalina vao afaka mamaritra izay tena anton'ity tranga mampalahelo ity. Raha ny fanazavana dia voalaza fa ireo ankizy mifanila efitra aminy no nahatsikaritra ny zava-nisy ka niantso ireo manodidina ny tolakandron'ny andro nisian'ny loza. Raha ny filazan'ny mpiara-monina dia izy hatrany no mifoha voalohany eo an-tanàna amin'ny maraina. Nanaitra ireo mpiara-manofa trano aminy io izy tsy nifoha maraina io, ka notsirihana avy amin'ny lavaky ny varavarana. Noheverina ho natory izy tamin'izany saingy rehefa nikasa hindrana afokasoka tao aminy indray ireo ankizy ny antoandro vao gaga raha nandondona, ka mbola tsy nisy namaly hatrany. "Notsirihanay indray ny varavarana ka teo izahay vao gaga raha nahatazana fa toa tsy niova mihintsy ny paoziny teo am-pandriana", hoy hatrany ny fitantaran'ireo ankizy mpiara-monina aminy. Niandry ny mpitandro filaminana nanapitsoka ny varavarana vao voamarina ny ahiahin'ireo mpiara-monina, ka teo vao nanao izay fomba rehetra hampandrenesana ny fianakaviany ny polisy ao amin'ny kaomisarian'i Mahazoarivo, izay nandray an-tanana ny raharaha. Tovovavy maontina, tsy nanana olana teo amin'ny fiaraha-monina saingy tia mitokatokana ity tovovavy izay voalaza ho marary fo ka maty irery ity. Avy any amin'ny kaominina ambanivohitra Alakamisy Anativato, distrikan'i Betafo no fiaviany, saingy mitoka-trano irery aty Antsirabe noho ny fandrantoana fianarana, ka teo am-piandrasana ny valim-panadinana bakalorea izy no izao namoy ny ainy tampoka ity izao.

***Solohery***

Tranga

## Miha-mitombo ny isan'ireo kolonga mpangarom-paosy

Miha-mitombo ny isan'ireo kolonga mpangarom-paosy ao Fort-Dauphin, lasibatra ireo renim-pianakaviana. Mitaraina ireo mpivarotra vokatry ny asan'ireo kolonga mpirenireny ; ao amin'ny tsena Tanambao no ahitana izany. Ireo mpivarotra fripy no tena lasibatra amin'izany. Andiana kolonga mpirenireny no manao izany. Matetika amin'ny olona mitangorongorona mividy zavatra no tratrany. Ny poketra loaka sy rovitra, lasan'ny mpangarom-paosy vao taitra ireo izay voany. Ireo renim-pianakaviana no lasibatra. Hatramin'ny telefona lafo vidy sy vola dia manjavona avokoa. Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa kolonga mpirenireny tsy mianatra intsony : 8 taona ka hatramin'ny 10 taona no mahavita izany. Tsy afaka mianatra noho ny vola be tsy maintsy aloa, toa lainga anefa ny filazan'ny fanjakana fa tsy andoavam-bola ny fianarana. Ireo talen-tsekoly no manararaotra ny fahefany tsy mandray ireo kolonga zanaky ny mafy ady. Mbola manampy trotraka ny halafosan'ireo kojakojam-pianarana : kitapo, kahie, blozy, mbola sakana ho amin'ny fampianarana ny ankizy. Raha tiana hiditra an-tsekoly ny kolonga, ny fanampiana ireo ray aman-dreny no anisan'ny vahaolana.

***Mangarahara***

Betafo

## Tontakely mbola tokony ho any am-ponja, voasambotry ny polisy

Tsy kely lalana tokoa ny ratsy satria hatrany amin'ny toeram-povavahana avy no anararaotan'ny mpangalatra. Raha ny tatitra mantsy dia voalaza fa nitondra faisana ny mpanatrika ny isantaonan'ny fiangonana Loterana Malagasy, izay natao tao Betafo ny herinandro lasa teo nohon'ny nafitsok'ireo jiolahy tontakely. Maro no very fitaovana, ka nanaovan'ny polisy hetsika manokana mihitsy ary nahatrarana roalahy izao. Vao nanomboka io isan-taonan'ny Flm Spam io, dia efa nisy olona mpizaika, very bisikileta, sy very vilany, indrindra ireo fianakaviana na vondron'olona tsy mbola nahita trano nivantanana ka voatery nilasy an-dàlana aloha. Nandeha avy hatrany ny fikarohana nataon'ny polisy. Rehefa nahita izany ireo tontakely, dia mailo ary niala teo an-drenivohitr'i Betafo aloha ary nifindra tamin'ireo tanàna somary nihataka ny renivohitra. Nahazo loharanom-baovao ny mpitandro filaminana ka narahin'izyireo ny dian'ireo tontakely, ka tany no nahatrarana ny roalahy tamin'ireo efatra izay fantatra fa tena tompon'antoka tontakely, amin'ny halabotry nihàtra tamin'ny mpizaika loterana io, ary mbola nahatrarana bisikileta maromaro sy vilany ireo roalahy ireo rehefa nosavaina ny tranony, ary izy ireo ka izay no nahafantarana fa 4 izy ireo no tena mpiaraka manao io asa ratsy io. Raha ny loharanom-baovao voaray, dia lehilahy mbola tokony hanefa sazy any am-ponja ny iray amin'ireo tratra ireo nefa dia izao tratra tany Betafo izao. Nisy ihany ny filazana avy eny amin'ny fandraharahana ny fonja eto Antsirabe, izay nanambara fa olona nitsoaka ny fonja io lehilahy io ary karohina, saingy ny tena mahagaga, dia andro iray taorian'ny fahatrarana ilay mpangalatra sy tontakely vao tonga io taratasy filazana io. Efa natolotra ny fitsarana ary nidoboka am-ponja, na niverina any am-ponja angaha no marina, ireo roalahy ireo. Raha ny marina, dia tsy sambany no nisy tranga hoe, olona tokony hamita sazy no tratra amin'ny raharaha hafa toy ny halatra sy vakitrano teto Antsirabe teto.

***Solohery***

## SARIITATRA: Ho fatiantoka ny an'ireo mpividy olona




Marotsiraka Amboasary Atsimo

## Raikitra ny fifandonan'ny foko 2 dia ny Antandroy sy ny Bara

Raikitra ny fifandonan'ny foko 2: Antandroy sy Bara tany Marotsiraka Amboasary Atsimo. Tsy fifanarahana vokatry ny asan-dahalo no anton'izany. Saika avy amin'ny foko andaniny ireo mpangalatra omby ary avy amin'ny foko Bara ny ankilany very fananana. Foko antandroy ny andaniny, mangalatr'omby sy mamaky fasana. Ireo mpitandro filaminana tsy afa manoatra mitazampotsiny. Amin'izao fotoana, misy irony andian'olona te-hanapoaka ny raharaha dia mihodinkodìna eo ny raharaha. Fa tao Amboanato Fort Dauphin, tranga nampalahelo. Noho ny lonilony nisy teo amin'ny tovolahy iray, dia notsatohan'ity tovolahy sahabo 30 taona lefona ny renim-pianakaviana 66 taona. Notsatohany lefona ny tendan'ilay ramatoa, maty tsy tra-drano. Marihina fa vao avy namono an'ilay renim-pianakaviana ilay tovolahy, nanolotena avy hatrany tany amin'ny mpitandro filaminana.

***Mangarahara***

Lalam-pirenena faha 7

## Mpamily roalahy nifampikasitanana

Mahatsikaiky ary rariny raha hitera-doza hatrany ny fifamoivoizana eo amin'ny lalam-pirenena faha 7 iny, nohon'ny olana eo amin'ny samy mpitatitra. Raikitra ary niafara tamin'ny fikasihan-tanana teo amin'ny samy mpamily mantsy ny tolakandron'ny Talata teo, ny fifanenjehana sy fifampisongonana raha iny efa hiditra an'Ambatolampy iny. Efa hatramin'ny fiaingana tao Antsirabe no nifanenjika izy roalahy ireto ary nifampisongona matetika mifandrombaka mpandeha satria samy tsy niara-nameno teny amin'ny tobim-piantsonana. Somary nifampi-bahana anefa teny an-dalana ka saika nifampikasoka ny fiara. Tsy nahatanty ilay iray mpanao zotra tao Ambatolampy ka nijanona tampoka teo ampovoan-dalana ary nihantsy ady ilay mpamily iray ary dia raikitra ny totohondry. Ny mpandeha no nanasaraka azy roalahy. Nisy zandary nitondra marary nandalo ho any Ambatolampy ka nisakana teo amin'ny tranon'ny kaompanian'Ambatolampy ary saika hitazona azy roalahy saingy nisy mpanao gazety roa tao amin'ilay fiara nisy ilay saofera voadaroka, nijoro vavolombeloa ka tsy nitazona indray ireo zandary fa nandefa ireo fiara. Ilay nidaroka nijanona tao Ambatolampy rahateo. Raha dinihina dia mety ho izao toetran'ny mpamily izao no mitera-doza amin'ny lalam-pirenena faha 7.

***Lezama***

Famantarana ny toetr'andro

## Ny volana novambra no hanomboka ny vanim-potoanan'ny rivo-doza

Manohy hatrany ny famaliana ny hetahetan'ny besinimaro amin'ny fanomezana ho antsika ny vinavina ny amin'ny habetsahan'ny orana mandritra ny roa herinandro ho avy, ny sampan mpamantatra ny toetr'andro eto amintsika. Hahafahana miomana mialoha ny amin'ny fotodrafitrasa sy ny sehatra fambolena sy fiompiana ary ny asa andavanandro no anton'izany. Raha atao jery todika ny herinandro lasa izany hoe ny 08 ka hatramin'ny 14 Oktobra dia antonony na betsaka ny rotsakorana: 150 mm ka hatramin'ny 200 mm, tamin'ny distrikan'i Mananjary, ary malefaka na antonony: 50 mm ka hatramin'ny 75 mm, tamin'ny distrikan'Ihosy. Ho antonony ny rotsakorana: 50 mm ka hatramin'ny 100 mm, ny herinandro voalohany, izany hoe ny 15 ka hatramin'ny 21 Oktobra amin'ny distrikan'Ambatondrazaka, Moramanga, Anosibe Anala, Anjozorobe, Ankazobe, Ambohidratrimo, Manjakandriana, Antananarivo Avaradrano, Andramasina ary Ambatolampy. Ny herinandro faharoa izany hoe ny 22 ka hatramin'ny 28 Oktobra dia malefaka na antonony ny rotsakorana: 25 mm ka hatramin'ny 75 mm, amin'ny distrikan'Antalaha, Sambava, Andapa, Nosy Be, Ambanja, Bealanana, Befandriana Avaratra, Maroantsetra, Mananara Avaratra, Soanierana Ivongo, Arivonimamo, Miarinarivo, Soavinandriana, ary ny distrikan'ny faritr'i Vakinankaratra. Ny vanimpotoanan'ny rivodoza dia tsy manomboka raha tsy amin'ny volana Novambra, noho izany, tsy ahiana ny mety hiforonany eto Madagasikara mandritra ny roa herinandro ho avy: 15 ka hatramin'ny 28 Oktobra 2018.

***Aly***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**13/10/18 hatramin'ny 20/10/18**

- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons), tél. 020 22 234 04 / 032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona), tél. 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga), tél. 020 23 302 68 / 020 26 040 08 / 034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato), tél. 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600 m Jumbo score vers Ambanidia), tél. 020 22 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 829-10-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITATERAM-BAHOAKA

# Mila averimberina ny fandrarahana fanafody ireo taxibe



Miseho ho sarotiny amin'ny saran-dalana Ar 500 ireo taxibe maro eto an-drenivohitra sy ny manodidina taorian'ny fampiakarana natao iray volana lasa izao. Nampimenomenona ny mpandeha na ny mpanjifa anefa ny tsy fiovan'ny fomba ratsin'ireo mpamily sy resevera taorian'io fampiakarana saran-dalana io. Akarina ny saran-dalana anefa ny kalitaon'ny servisy atao tsy miova. Tsy misy fandraisana andraikitra amin'izany anefa ny eo anivon'ny ATT. Ankehitriny, rehefa nakarina ny saran-dalana, mihamihena ireo taxibe tsy miasa intsony vao manomboka amin'ny 7 ora latsaka fahefany hariva, hany ka mijaly mafy ny vahoaka. Tsy misy mamaha olana ny amin' izany anefa na ny mpitatitra, na kaoperativa, na ny ATT, ary indrindra ny eo anivon'ny ministera misahana ny fitaterana. Rehefa mandeha amin' ireny taxibe ireny, dia tsikaritra ny fisiana bibikely toy ny kadradraka, lalitra, moka, hatramin'ny parasy indraindray, sns… hita na mandehandeha eny amin'ny sisin'ny fiara ao anatiny. Toa efa nisy ihany fotoana ny fandraharahana DDT tamin' ireny fiara ireny kanefa indray mandeha tsy miverina izany ny fahitana azy ary miendrika vonjimaika ihany. Mamelompanontaniana ihany ny amin'ny tsy fanarahamaso ny fahadiovan'ireo taxibe maro miasa eto an-drenivohitra sy ny manodidina amin'izao fotoana izao. Manorisory ny mpandeha ireny ary mahatonga azy hieritreritra ny amin'ny hoe: ny saran-dalana mampiaka-peo ery ny fivondronan'ny kaoperativa ny amin'ny fampiakarana azy, kanefa ny fahadiovan'ny fiara miasa tsirairay tsy misy dikany sy alasafay, tsy misy fepetra raisina na kely aza. Mbola lesoka lehibe eo amin'ny sehatra fitateram-bahoaka izany ary tsy fahombiazan'ny fitondrana Hvm ankehitriny. Rehefa avy eo indray vao mody mikoropaka rehefa sanatriavina misy valan'aretina mitranga. Fomba fiasa ratsy natao hatramin'izay efa lany andro tanteraka izany.

***Radafy***

Andafiatsimon'ny Star Antsirabe

# Nisavorovoro indray noho ny fametrahana pylône


Hatramin'izao dia isan'ny mbola mibahan-toerana ao Antsirabe hatrany ny fametrahana ireny Pylône an'ny tambazotran-tserasera ireny. Miverina matetika eto Antsirabe ny olana ary dia misedra olana amin'ny fametrahana ireny Pylône ireny hatrany ny orinasan-tserasera rehefa eto Antsirabe eto. Hatramin'izao dia tsy latsaky ny 4 mantsy ny toerana saika hanorenana ireny andrim-pifandraisana ireny no nosakanan'ny olona hatrany ny fametrahana izany ary niato tanteraka aloha hatreto ny asa. Tonga indray ny fanampiny tao andrefan'ny Star satria dia nisavorovoro tanteraka indray ny tao amin'ny fokontany Andafiatsimon'i Star tamin'ity herinandro ity, satria nisy ny fikasan'ny orinasa nahazo ny tolo-barotra tamin'izany hametraka amin'ny tranon'olon-tsotra itony fitaovana fanapariahana azy itony. Raha ny nambaran'ireo olona mantsy dia voalaza fa nisy fokonolona 72 nanaiky ny hametrahana ilay fitaovana kanefa tsy nampahafantarina akory ny manodidina izany. Raikitra indray ny savorovoro ary dia niditra an-tsehatra haingana ny mpitandro filamianana vao nilamina izany. Raha ny fantatra dia misy fanadihadiana mialoha ny fametrahana azy ireny ary misy ny fankatoavan'ny fiaraha-monina vao mamoaka fahazoan-dalana ny Ben'ny tanàna, saingy raha ny nambaran'ireo mponina dia ireo voakasika mihitsy no tsy nalaina ny heviny fa hosoka ilay namoahana fahazoan-dalana. Vokany dia haato aloha ilay fanorenana ary nasaina nesorina ireo fitaovana saika hapetraka tao an-toerana. Raha ny nambaranRamatoa Andriantomponera Nalisoa Voahangy dia misy ny fanadihadiana ifotony vao tokony hivoaka ny fahazoan-dalana saingy asa izay nitranga fa na ny sefo fokontany aza nahatsiaro ho voafitaka. Raha izany zohina dia ahiana ho ny Ben'ny Tanàna no nanao taratasy hosoka sy nanome antsokosoko alalana ireo olona nametraka izany, izay tsy nakana ny hevitry ny fokonolona.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 256




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0255)

*Mitsivalana*
- Fitaka
- Siona
- Liana
- Aroa (Miv) -
ST
- Toerana (Miv)
- Rahona
- Akarina

*Mitsangana*
- Folaka
- Io - Nak(a)
- Tsaroana
- Aina - Ror(a)
- Koa - Hehy
- An - Nao (Miv)
- Antitra

## TENY MIFANAPAKA N° 256




**Mitsivalana**

**1.** Vanim-potoana fijinjana **2.** Tandindona - Televiziona **3.** Nahatazana - Kanto **4.** Fitafiako **5.** Torovana, vizana - Mikoriana ao anaty **6.** Hira tsy misy lohany - Lesona omena (Miv) **7.** Hekitara - Zanaka voalohany (Miv) **8.** Nandalina **9.** Ariary - Mpanondro - Tampisaka **10.** Karazana tantara, teny atao ohatra.

**Mitsangana**

**A.** Farafara **B.** Naoty - Mahantra (Miv) **D.** Asa sy andraikitra **E.** Biby masiaka - Hery sy tanjaka (Miv) **F.** Savoritaka - Banky malaza (Miv) **G.** Fara sy dimby (Miv) **H.** Faran-teny - Tery (BR) **I.** Marihana **J.** Irery - Anaty rano **K.** Soloy - Alika

### Valiny Teny mifanaraka 0255


*Mitsivalana*

1 Sangisagy 2. Ilo - Nosy 3. Lafo - Ela (Miv) 4. Akory - Lela (Miv) 5. Ma - ZN - Ao (Miv) 6. Orana - O.A 7. Anankiray 8. A, B - Fa - Leo 9. Sefina - Ilo 10. Amalona.

*Mitsangana*

A. Silama - Asa B. Alakaraba D. Nofo - AN - Fa E. Mifanaro (Miv) F. IN - Anana G. Soa - Al(a) H. As - Liana (Miv) I. Nia(a) - Niero (Miv) J. Leo - Aloa (Miv) K. Ivelany


HIASA HO ANAO AHO
Fihaonam-be
Carnaval
isaky ny Asabotsy
amin'ny 9 ora maraina
Mitety tanàna
amin'ny 2 ora tolakandro
Kianjan'Ambohijatovo
25
TIM
Marc RAVALOMANANA
X
Marc RAVALOMANANA


FANDRIAM-PAHALEMANA


MAP
MADAGASIKARA AM-PERINASA
TIM
25
MARC RAVALOMANANA
Fiarovana ny olona sy ny fananany
TANJONA SY ASA HO TANTERAHINA
• Fiarovana ny vahoaka antanan-dehibe sy ambanivohitra
• Fiadiana entitra amin'ny fakana takalon'aina sy ny dahalo
• Fiadiana amin'ny halat'omby
• Famerenana ny fahatokisana ny fanjakana mba hampitsaharana ny fitsaram-bahoaka.
Fananan-tany
TANJONA SY ASA HO TANTERAHINA
• Fampitsaharana ny fanalana tsy ara-drariny ny vahoaka amin'ny taniny
• Fanamorana sy fanafainganana ny fizarana ny taratasy fananan-tany
• Fampitsarana ny fanalana olona amin'ny tany tsy ara-dalana
Ady amin'ny tsy fahampian-tsakafo
TANJONA SY ASA HO TANTERAHINA
• Fametrahana fandaharan'asa miantoka sakafo sahaza ho an'ny fianakaviana sahirana
• Fametrahana rafitra eny amin'ny faritra mba hampijanona tanteraka ny tsy fahampian-tsakafo (atomboka amin'ny faritra Androy, Atsimo Andrefana ary Atsimo Antsinanana).
Fitandroana ny fahalemana manerana ny Nosy sy ny moron-tsiraka
TANJONA SY ASA HO TANTERAHINA
• Famerenana ny fitampatokisana eo amin'ny mpitandro filaminana sy ny vahoaka
• Fampitomboana sy fanavaozana ny fitaovana ahafahan'ny foloalin-dahy manatanteraka ny andraikiny